# TONTOLO IRAY FEO AMIN'NY NATIORA



coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT

Co-financé par
Norvège

Mise en œuvre par
giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

Dans le cadre du
NBSAP accelerator partnership

Ministère de tutelle
MINISTERE DE L'ENVIRONNEMENT ET DU DEVELOPPEMENT DURABLE

Partenaire
TAFO MIHAAVO

***Ny GIZ dia manatanteraka sy manampy ny governemanta federaly « allemand » hanatratra ny tanjona mifandraiky amin'ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena ho an'ny fampandrosoana maharitra.***

***Boky navoakan'ny : Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH***

***Tetikasa Global Biodiversity Framework Implementation, Madagasikara***

**Ivontoerana :**

*SOANALA – MEDD, Ambatobe B.P. 869*

*Antananarivo 101 – Madagascar*

**Foiben'ny orinasa :**

*Bonn sy Eschborn*

*Alemanina*

*T +49 61 96 79-0*

*F +49 61 96 79-11 15*

*E info@giz.de*

*I www.giz.de/en*

***Mpanoratra:***

*IRAJANAHARY EKEMBAHOAKA Nivo Rovahasambarana (GIZ)*

*RABEVAZAHA Felana (GIZ)*

*RAMANDRAIARIVONY Mahefa Alain Francky (GIZ)*

*IISD(International Institute for Sustainable Development)*

*BOTOENINORO Tolotriniaina Julin (TAFO-MIHAAVO)*

*RASAMOELINA Jean Claude (TAFO-MIHAAVO)*

*RAMANDAZAFY Zoara (TAFO-MIHAAVO)*

*RAVOLOLONIRINA Hantamalala (TAFO-MIHAAVO)*

*FITAHIANTSOA Misaotrana (TAFO-MIHAAVO)*

*RANJARSON Herivola Sévérine (MEDD)*

***Tompon'andraikitra amin'ny famoahana ny boky :***

*Marc SPIEKERMANN (GIZ)*

***Fakana sary :***

*Miguel-Peter SCHMITTER (GIZ)*

*ROSSY Heriniaina Martin EGBERT (GIZ)*

*BOTOENINORO Tolotriniaina Julin (TAFO-MIHAAVO)*

*VOCA Dominique (TAFO-MIHAAVO)*

*RAZAFIMANTSOA Alexandre (TAFO-MIHAAVO)*

***Mpandika-teny:***

*IRAJANAHARY EKEMBAHOAKA Nivo Rovahasambarana (GIZ)*

*BOTOENINORO Tolotriniaina Julin (TAFO-MIHAAVO)*

*RASAMOELINA Jean Claude (TAFO-MIHAAVO)*

*RAMANDAZAFY Zoara (TAFO-MIHAAVO)*

*RANJARSON Herivola Sévérine (MEDD)*

***Sary hafa sy fandrafetana ny boky :***

*RAMANDRAIARIVONY Mahefa Alain Francky*

***Fisaorana manokana :*** *Mankasitraka manokana ny solontenan'ny Ministeran'ny tontolo iainana sy ny fandrosoana lovain-jafy (MEDD) sy ny solontenan'ny fokonolona eny ifotony(TAFO-MIHAAVO) tamin'ny fandraisany anjara tamin'ny fandrafetana ity boky ity.*

*Ity boky ity dia novolavolaina niaraka tamin'ny IISD. Ny dika teny am-boalohany amin'ity antontan-taratasy ity dia amin'ny teny vahiny. Ny dika-teny dia natao mbà hizarana ny antontan-kevitra amin'ny fiteny Malagasy. Raha misy tsy fitovian-kevitra amin'ny fandikana, ny dika amin'ny teny vahiny no raisina ho marina sy manan-kery.*

***Toerana namoahana ny boky :*** *Antananarivo*

***Daty namoahana ny boky :*** *Oktobra 2025.*

# Lisitry ny lohateny


1. Teny fampidirana 04

2. Rohy voary sy karazajavamananaina : antoky ny fahaveloman'ny olombelona eny ifotony 07

3. Fihenana sy fahaverezan'ny karazanjavamananaina 09

4. Fomba fanao maharitra hiarovana ny karazanjavamananaina 12

5. Drafitra Iraisam-pirenena momba ny Karazanjavamananaina Kunming–Montréal 15

6. Paikady sy drafitrasa nasionaly ho an'ny karazanjavamananaina 23

7. Feon'ny mponina eny ifotony 25

8. Ohatra isaky ny tanjona 27

9. Fehin-kevitra 31

10. Voambolana 34

11.Lisitra boky sy lahatsoratra nampiasaina 40



# 1. TENY FAMPIDIRANA

Manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fiainana, eo amin'ny fiantohana ny ara-tsakafo ary eo amin'ny loharanom-piveloman'ny olombelona ny karazanjavamananaina.

Ho an'ny Madagasikara , izany harena voajanahary tsy manam-paharoa izany dia mifandray tanteraka amin'ny maha-izy azy , amin'ny kolontsainy ary amin'ireo fomba amam-panaon'ireo mponina ao aminy.

Iharan'ireo tsindry maro samihafa anefa izany ankehitriny. Anisan'izany ny fahaverezan'ny karazam-biby sy zavamaniry, ny fanapotehana ala, ny fandotoana, ny vokatry ny fiovan'ny toetrandro ary koa ny fahaverezan'ireo fahalalana sy fahaiza-manao nentim-paharazana.

Manoloana ireo sedra ireo, dia manana rafitra sy paikady maro ny fiarahamonina iraisam-pirenena, anisan'izany ny Fifanarahana iraisampirenena momba ny karazanjavamananaina (Convention de la Diversité Biologique) izay napetraka tamin'ny taona 1992, ny rafitra maneran-tany ho an'ny karazajavamananaina (Cadre Mondial pour la Biodiversité) izay napetraka nandritry ny COP15 tamin'ny taona 2022 tao Kunming Montréal.

Ity rafitra maneran-tany ho an'ny karazajavamananaina ity dia mamaritra tanjona tokony ho tratrarina alohan'ny taona 2030 ka ahitana:

- ny fiarovana ny rohy voary,
- ny fanarenana ireo faritra simba,
- ny fandraisana anjara feno avy amin'ny fokonolona eny ifotony,
- ny fizaràna mitovy sy ara-drariny ny tombontsoa azo avy amin'ny harena voajanahary,
- ary ny fitadiavana loharanom-bola sy famatsiam-bola ho fanohanana izany ezaka izany.


Ireo rafitra iraisam-pirenena ho an'ny karazajavamananaina ireo día tanterahina eto Madagasikara, amin'ny alalan'ny fanavaozana ny paikady sy drafitrasa nasionaly ho an ny karazanjavamananaina.Io fanavaozana sy fanantanterahana io día atao miaraka amin'ny fandraisana anjara feno ny mponina eny ifotony, ary anisan'izany ny vehivavy sy ny tanora. Ity boky torolalana ity dia mikendry ny:

- hampahafantatra ireo rafitra sy tanjona ireo.
- hanazava ny andraikitra fototra sy maha-zava-dehibe fandraisan'ny mponina eny ifotony anjara.
- ary hanolotra fahalalana fototra ho fanamorana ny fandraisana sy fampiharana an'ity paikady sy drafitrasa nasionaly.





# 2. ROHY VOARY SY KARAZANJAVAMANANAINA : ANTOKY NY FAHAVELOMAN'NY OLOMBELONA ENY IFOTONY



Ny rohy voary tsara rindra no fototra iankinan'ny aina rehetra. Miantoka rano madio, manatsara ny fahavokaran'ny tany, manampy amin'ny famokarana, manome harena an-dranomasina sy an-dranomamy, ary koa miaro amin'ny tondra-drano sy rivo-doza ny rohy voary. Noho izany, ny fiarovana azy tsy ho simba dia midika fiarovana ny fepetra ilaina amin'ny fahavelomantsika.

Anisan'ny karazajavamananaina ny zava-maniry, ny biby ary ny zavamanan'aina madinika rehetra. Samy manana ny anjara asany sy ny andraikiny ao anatin'ny rohy voary izy ireo.

Ho an'ireo olona mipetraka manodidina ny harena voajanahary izay manana fivelomana mifandraika amin'ny natiora toy ny tantsaha, ny mpanjono, sy mpampiasa ravinkazo dia zava-dehibe ny fitohizan'ny fitandroana ny rohy voary.

Raha fintinina, arakaraka ny mahatsara ny tontolo iainana manodidina no antoka hahatsara ny fiveloman'ny olona.

Raha tsy voatandro izany na lany tamingana ny karazam-biby na karazan-javamaniry iray dia mihena ny vokatra avy amin'ny fambolena, mihena ny vokatra avy amin'ny jono, miha-ritra ny rano sady mety ho tsy azo sotroina intsony.

Raha fintinina, arakaraka ny mahatsara ny tontolo iainana manodidina no antoka hahatsara ny fiveloman'ny olona.



# 3. FIHENANA SY FAHAVEREZAN' NY KARAZANJAVAMANANAINA



Rehefa foana ny biby sy ny zavamaniry sasany, na raha simba ny toerana onenany, dia mihena na very ny karazanjavamananaina, izay ilaina amin'ny fitohizan'ny aina eto an-tany. Matetika dia vokatry ny asa ataon'ny olombelona io fahaverezana io.

Manimba sy manafoana ny karazanjavamananaina isika amin'ny alalan'ny fanapotehana ala, fandritràna ireo Faritra mando toy ny honahona sy farihy, ary amin'ny fananganana tanàna sy fotodrafitrasa izay mandripaka ny toerana iainan'ny zavamiaina.

Ankoatra izany, mandany tsy ampiheverena ny harena voajanahary koa ny olona amin'ny fanjonoana tafahoatra, fihazana tsy voafehy ary fambolena mampiasa zezika sy fanafody simika izay manimba ny tany sy ny biby madinika.

Miteraka fako sy loto isika, ka manapoizina ny natiora ny akora simika ary manelingelina na mahafaty biby ny plastika izay mamono na miraikitra amin'izy ireo, indrindra any anaty rano.

Ankoatra izany rehetra izany, ny fiovan'ny toetrandro koa dia manampy trotraka amin'ny fahasarotan'ny fiainan'ny zavaboary, satria miakatra ny hafanana, mitranga matetika ny rivo-doza sy ny hain-tany, ary mikorontana ny vanim-potoana ka manasarotra ny fiveloman'ny karazanjavamananaina.

Rehefa mitambatra ireo loza sy fanimbana rehetra ireo, dia tsy afaka miverina amin'ny laoniny intsony ny natiora. Noho izany, ny fiarovana ny karazanjavamananaina dia midika fandraisana andraikitra amin'ny fanalefahana ireo loza ireo mba hiarovana ny aina sy ny tontolo iainana.

## Fomba fanao maharitra hiarovana ny karazanjavamananaina

Mba hanovàna ny fihenana sy fahaverezan'ny karazanjavamananaina dia mila mahalala ireo fomba fanao maharitra isika : toy ny teknika ekolojika na ny fambolena maharitra. Ireo teknika ireo dia tsy vitan'ny hoe mampihena ny tsindry amin'ny harena voajanahary fa manampy ihany koa amin'ny fanarenana ny toerana onenan'ny zavamanan'aina.

Raha ampiharina ireo fomba ireo dia mety hanana tontolo tsara kokoa sy manankarena karazanjavamananaina isika. Izany rehetra izany no mandray anjara amin'ny fiarovana ny karazana biby sy zava-maniry ary mbà haharitra ny rohy voary iankinan'ny fiainan'ny olombelona.





# 4.FOMBA FANAO MAHARITRA HIAROVANA NY KARAZANJAVAMANANAINA

# RAFITRA FIAROVANA NY KARAZANJAVAMANANAINA NATAO TETO MADAGASIKARA

**1992**

**Fifanarahana tany RIO**

Fanaovana sonia ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny karazanjavamananaina nataon'i Madagasikara.

**1995**

**Fifanarahana tany RIO**

Fanamarinana ofisialy ny CDB nataon'i Madagasikara

**2010**

**Fivoriana tany Nagoya**

Fanekena ny tanjona Aichi miisa 20 ho ampahany amin'ny paikady sy drafitrasa nasionaly ho an ny karazanjavamananaina 2011–2020.

**2015-2025**

**Paikady sy drafitrasa nasionaly ho an'ny karazanjavamananaina I (Madagasikara)**

**2022**

**COP15-MONTREAL**

Fanekena ny Rafitra maneran-tany ho an'ny karazanjavamananaina, antsoina hoe Rafitra Kunming–Montréal.
Tanjona: Atsahatra sy haverina amin'ny laoniny ny fahaverezan'ny karazanjavamananaina alohan'ny taona 2030.
Tanjona 23 no napetraka ho tratrarina maneran-tany.

**2023-2025**

**Paikady sy drafitrasa nasionaly ho an ny karazanjavamananaina II (Madagasikara)**

Fanavaozana ny paikady sy drafitrasa nasionaly ho an'ny karazanjavamananaina hanajanonana sy hanarenana ny karazanjavamananaina ho fampifanarahana amin'ny rafitra maneran-tany ho an'ny karazanjavamananaina vaovao.

Ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny karazanjavamananaina dia fifanarahana iraisam-pirenena nataon'ireo firenena mba hiarovana ny natiora sy ny zavamiaina rehetra eto ambonin'ny tany. Niara-nivory ireo firenena tamin'ny taona 1992 mba hanao fikaonan-doha mahakasika ny fiarovana ny zava-maniry, ny biby, ary ny rohy voary, ary koa amin'ny fampiasana araka ny tokony ho izy sy maharitra ny harena voajanahary. Ity fifanarahana ity dia fanehoana fahavononana maneran-tany hiaro ny karazanjavamananaina mba hahafahan'ny taranaka hisitraka izany.

Napetraka tamin'ny taona 2011 ka hatramin'ny 2020 ny Fifanarahana iraisam-pirenena momba ny karazanjavamananaina mbà hanatrarana ireo Tanjona Aichi ho an'ny karazanjavamananaina. Tamin'ny taona 2022 no tokony ho natao tany Kunming ny fivoriana COP15 izay niadian-kevitra amin'ny tohiny. Nandritra izany fotoana izany, maro tamin'ireo firenena no nahatsapa fa tsy nahavita namokatra ireo vokatra tena niandrasana ireo tanjona. Tena nifantoka loatra tamin'ny tarehimarika sy isa izy ireny, kanefa tsy nanana drafitra mazava sy azo tanterahina teo anivon'ny firenena tsirairay. Izany no nitarika tamin'ny fifanakalozan-kevitra vaovao sy fananganana fifanarahana matanjaka kokoa ary fandraisana andraikitra mazava ho fiarovana ny karazanjavamananaina sy ny rohy voary eto amin'izao tontolo izao.





# 5. DRAFITRA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY KARAZANJAVAMANANAINA KUNMING-MONTREAL

Ny Drafitra iraisam-pirenena momba ny karazanjavamananaina Kunming–Montréal dia drafi-pirenena maneran-tany napetraka hiarovana ny natiora sy hampihenana ny fahaverezan'ny karazanjavamananaina hatramin'ny taona 2050. Tamin'ny taona 2022, niaranivory tany Montréal, any Canada, ireo firenena maro ka nametraka drafitra iraisana ho fiarovana ny natiora sy ny zavaboary manomboka amin'izao fotoana izao hatramin'ny taona 2050.

Ity drafitra ity dia neken'ny firenena 196, ary mamaritra tanjona lehibe sy tanjona manokana toy ny:
- fiarovana ny 30 %-n'ny tany sy ny ranomasina,
- fanarenana ny rohy voary iankinan'ny ain'ny olona, biby, ary zavamaniry,
- ary fampihenana ny fandotoana.

Nifanaiky ireo firenena fa hiaro ny karazana sy ny toerana onenan'ny zavaboary tandindomin-doza, ary hiara-hiasa amin'ireo fiarahamonina ifotony mba hahazoana antoka fa ampiasaina am-pahamendrehana sy am-paharetana ny harena voajanahary, ho fitsinjovana ny taranaka ankehitriny sy ny ho avy.

Ireto no foto-kevitra iorenan'ny Drafitra iraisam-pirenena ho an'ny Karazanjavamananaina :

- Ny drafitra voalaza eo ambony dia miorina amin'ny foto-kevitra maromaro izay tokony harahina amin'ny fanatanterahana azy:
- Fandraisan'anjara avy amin'ny vahoaka sy ny mponina ifotony: fanajana ny zony sy ny fanomezana anjara andraikitra lehibe ho azy ireo.
- Fampandraisana anjara ny rehetra : ny fitondram-panjakana, ny fiarahamonim-pirenena, ny sehatra tsy miankina, ary ny olom-pirenena tsirairay.
- Fanajana ny zava-misy amin'ny firenena tsirairay: ny asa atao dia mifanaraka amin'ny laharam-pahamehana, ny fahaizamanao, ary ny loharanon-karena misy ao aminy.
- Fiaraha-mientana: ilaina ny ezaka iombonana hahatratrarana ny tanjona.
- Fanajana ny zo amin'ny fandrosoana: arovana ny karazanjavamananaina nefa tsy atao sakana amin'ny fandrosoana.

- Fanajana ny zon'olombelona: hampidirina amin'ny asa rehetra ny zo fototra maha-olona.
- Fitovian-jo amin'ny lahy sy ny vavy: hajaina sy arovana ny anjara toeran'ny vehivavy sy lehilahy amin'ny fanapahan-kevitra sy asa rehetra.
- Fanatanterahana am-pitoviana ireo tanjon'ny Fifanarahana momba ny karazanjavamananaina sy ny fifanarahana mifandray aminy.
- Fampiasana ny siansa sy ny hevitra vaovao : ampiasaina ny fahalalana siantifika sy ny teknolojia vaovao.
- Fiarovana ny tontolo iainana amin'ny ankapobeny: tsy mifantoka amin'ny karazana sasantsasany ihany fa amin'ny natiora manontolo.
- Fampanjakana ny rariny amin'ny taranaka mifandimby: ataontsika anio izay tsy hanimba ny hoavin'ny taranaka ho avy.
- Fanamafisana ny fanabeazana sy ny fanentanana: eny an-tsekoly sy eny anivon'ny fiarahamonina.
- Fahazoana loharanom-bola ampy: antoka fa misy loharanom-bola hanatanterahana ny asa.
- Fiaraha-miasa sy fiaraha-mientana: miasa miaraka amin'ny fikambanana sy sehatra maro.

Ny tanjon'ny drafitra iraisam-pirenena momba ny karazanjavamananaina dia ny hamoronana tontolo iray ahafahan'ny olombelona sy ny natiora miara-miaina am-pilaminana amin'ny taona 2050.

Io drafitra maneran-tany io dia natao mba hiarovana ny natiora sy hampitsaharana ny fahaverezan'ny karazanjavamananaina. Miorina amin'ny tanjona lehibe efatra izy io :

Fiarovana sy fanarenana ny natiora : fitahirizana rohy voary voakajy sy fampitomboana ny velaran-tany voajanahary arovana ary fisorohana ny fahaverezan'ny karazanjavamananaina.

Fampandrosoana amin'ny alàlan'ny natiora : fampiasana ny harena voajanahary sy ny karazanjavamananaina amin'ny fomba maharitra ka ho antoka fa hitohy ary hihamafy ny soa azo avy aminy ho an'ny olombelona.

Fizarana ara-drariny ny soa azo avy amin'ny karazanjavamananaina: fiantohana fa ny mponina ifotony dia mahazo tombony ara-drariny sy ara-dalàna amin'ireo soa sy ezaka fiarovana mifandray amin'ny karazanjavamananaina.

Fiaraha-miasa miaraka : fitakiana fiaraha-mientana amin'ny fanangonana sy fampiasana vola, avy amin'ny teknolojia sy fahaiza-manao ary fiaraha-miasa amin'ny sehatra rehetra mba hanatanterahana tsara ny fifanarahana iraisam-pirenena.

Ireo vondron-kevitra lehibe ireo dia miorina amin'ny tarigetra 23 izay ho tratrarina alohan'ny taona 2030. Manomboka manatratra sy mandray ireo fepetra sahaza azy sahady ny firenena tsirairay. Rehefa tanteraka ireo tanjona ireo dia hitondra tsikelikely amin'ny fahatratrarana ireo tanjona lehibe amin'ny taona 2050 ny ezaka.


Marihana fa ny tanjona faha-22 dia mampatsiahy ny anjara toerana lehibe tazomin'ireo mponina eny ifotony.

Araka ny voasoritra ao amin'ny tanjona faha-22, manana fahalalana lalina momba ny natiora ny mponina eny ifotony. Ny fahalalana nentindrazana dia manamafy ny fiarovana ny karazanjavamanaina satria mifanaraka amin'ny kolontsainy sy ny fomba fiainany. Ny fandraisana anjara mivantana avy amin'ireo olona eny ifotony ireo sy ny fanajana ny fomba amam-panaony dia mitondra amin'ny fananganana tetikady iarovana amin'ny fomba mahomby sy rariny kokoa mifanaraka amin'ny tena zava-misy.

# Vondron-kevitra I



# Vondron-kevitra II



# Vondron-kevitra III



Ny tanjon'ny drafitra iraisam-pirenena momba ny karazanjavamananaina dia ny hamoronana tontolo iray ahafahan'ny olombelona sy ny natiora miara-miaina am-pilaminana amin'ny taona 2050.

Io drafitra maneran-tany io dia natao mba hiarovana ny natiora sy hampitsaharana ny fahaverezan'ny karazanjavamananaina. Miorina amin'ny tanjona lehibe efatra izy io :

1_Fiarovana sy fanarenana ny natiora : fitahirizana rohy voary voakajy sy fampitomboana ny velaran-tany voajanahary arovana ary fisorohana ny fanjavonan'ny karazanjavamananaina.

2_Fampandrosoana amin'ny alàlan'ny natiora : fampiasana ny harena voajanahary sy ny karazanjavamananaina amin'ny fomba maharitra ka ho antoka fa hitohy ary hihamafy ny soa azo avy aminy ho an'ny olombelona.

3_Fizarana ara-drariny ny soa azo avy amin'ny karazanjavamananaina: fiantohana fa ny mponina ifotony dia mahazo tombony ara-drariny sy ara-dalàna amin'ireo soa sy ezaka fiarovana mifandray amin'ny karazanjavamananaina.

4_Fiaraha-miasa miaraka : fitakiana fiaraha-mientana amin'ny fanangonana sy fampiasana vola, avy amin'ny teknolojia sy fahaiza-manao ary fiaraha-miasa amin'ny sehatra rehetra mba hanatanterahana tsara ny fifanarahana iraisam-pirenena.

Ireo tanjona efatra lehibe ireo dia miorina amin'ny tarigetra 23 izay ho tratrarina alohan'ny taona 2030. Manomboka manatratra sy mandray ireo fepetra sahaza azy sahady ny firenena tsirairay. Rehefa tanteraka ireo tarigetra ireo dia hitondra tsikelikely amin'ny fahatratrarana ireo tanjona lehibe amin'ny taona 2050 ny ezaka. Marihana fa ny tarigetra faha-22 dia mampatsiahy ny anjara toerana lehibe tazomin'ireo mponina eny ifotony.

Araka ny voasoritra ao amin'ny tarigetra faha-22, manana fahalalana lalina momba ny natiora ny mponina eny ifotony. Ny fahalalana nentin-drazana dia manamafy ny fiarovana ny karazanjavamanaina satria mifanaraka amin'ny kolontsainy sy ny fomba fiainany. Ny fandraisana anjara mivantana avy amin'ireo olona eny ifotony ireo sy ny fanajana ny fomba amam-panaony dia mitondra amin'ny fananganana tetikady iarovana amin'ny fomba mahomby sy rariny kokoa mifanaraka amin'ny tena zava-misy.



# 6. PAIKADY SY DRAFITRASA NASIONALY HO AN'NY KARAZANJAVAMANAINA

Ny paikady sy drafitrasa nasionaly ho an'ny karazanjavamananaina dia mampiseho ireo fepetra mazava sy fandaharam-potoana hanatanterahana ny vina sy asa ho tanterahiny ny firenena amin'ny fanakanana ny fahaverezan'ny karazanjavamananaina sy amin'ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary. Ity drafitra ity koa dia mikendry ny iantohana fa mahazo tombontsoa avy amin'ny tontolo iainana tsara sy voaaro ny olona ao amin'ny firenena iray.

Ity antontan-taratasy ity dia manampy amin'ny fanatanterahana ireo tanjona kendrena napetraky ny Drafitra iraisam-pirenena momba ny Karazanjavamananaina.





# 7. FEON'NY MPONINA ENY IFOTONY



Manana anjara toerana lehibe amin’ny fiarovana ny natiora ny mponina eny ifotony. Ny drafitra iraisam-pirenena momba ny karazanjavamananaina dia mametraka azy ireo ho mpitahiry ny karazanjavamananaina ka manambara fa tokony hajaina ny zony, ny fahalalany ary ny fombandrazany. Nasongadina ihany koa ao anatin’ilay drafitra ny maha-zava-dehibe ny fandraisana anjaran’izy ireo amin’ny fanapahan-kevitra mifandraika amin’ny fiarovana sy ny fampiasana maharitra ny harena voajanahary.

Mila ny fitovian-jon’ny rehetra, na lahy na vavy, amin’ny asa atao ho fiarovana ny karazanjavamananaina satria andraikitry ny rehetra ny fiarovana azy.



Fanajana ny zon’olombelona sy ny fitovian-jo

Ny fahombiazana amin’ny fanatanterahana ny drafitra iraisam-pirenena dia miankina amin’ny fanomezana fahefana sy fahaleovantena ho an’ny rehetra ary amin’ny fampihenana ny tsy fitoviana.

Ilaina ny fomba fiasa mifototra amin’ny fanajana ny zon’olombelona: izany dia midika hoe miantoka, miaro, ary mampiroborobo ny zon’ny tsirairay. Eken’ilay drafitra manokana fa manan-jo ho amin’ny tontolo madio, salama ary maharitra ny olon-drehetra.



# 8. OHATRA ISAKY NY TANJONA

# VONDRON-KEVITRA I : FAMPIHENANANA IREO HAMBANA MAHAZO NY KARAZANJAVAMANANAINA




Fampihenana ny fahaverezan'ny karazanjavamananaina amin'ny alalan'ny fiarovana ny ala maina izay fonenan'ny Maki maro




Famerenana amin'ny laoniny ireo rohy voary simba amin'ny alalan'ny « agroforesterie » , miaraka amin'ny fanofanana ny mponina eny ifotony.




Fiarovana ireo faritra manan-danja ara-ekolojika amin'ny alalan'ny fandraisan'anjaran'ny mponina amin'ny fitantanana ny ala honko.




Fiarovana ireo karazana biby sy zavamaniry tandindomin-doza amin'ny alalan'ny fitantanana iarahana amin'ny vondron'olona ifotony an'ireo ala « fady » ao Mahavelona.




Fampiasana amin'ny fomba maharitra ireo karazana zavaboary dia anaty ranomasina amin'ny alalan'ny fitantanana maharitra ny faritra an-dranomasina eo an-toerana.




Fampiasana karazana zavamaniry tsy zanatany ho amin'ny tanjona mahasoa : fampiasana ny radriaka ho fanafody.




Fampihenana ny fandotoana amin'ny alalan'ny fanentanana ny mponina eny ifotony momba ny fitantanana ny fako.




Famerenana indray ny ala honko miaraka amin'ireo mpanjono mba hiarovana ny morontsiraka amin'ny fihotsahan'ny tany sy ny rivodoza.

# VONDRON-KEVITRA II : MAMALY NY FILAN'NY OLOMBELONA

9



Fampiasana ny vola miditra avy amin'ny fizahantany maharitra sy ireo asa mifototra amin'ny karazanjavamananaina ho amin'ny tetikasa iarahan'ny mponina eny ifotony.

10



Fiompiana tantely anatin'ny ala tantanan'ny vondron'olona ifotony ka ahafahana mitondra fidiram-bola fanampiny ho an'ny mponina eny an-toerana.

11



Fanatanterahana fambolen-kazo amin'ireo havoana simba eny ambony lohasahan'ny tanimbary, amin'ny alalan'ny hazo zanatany mba hamerenana ny rano

12



Mametraka zaridaina maitso sy toerana misy rano ao anaty tontolo an-tanàn-dehibe.

13



Fizarana mitovy sy ara-drariny ny tombontsoa azo avy amin'ny karazanjavamananaina eo amin'ny mponina eny an-toerana sy ny orinasa mpampiasa akora.

# VONDRON-KEVITRA III : FAMPITAOVANA NY VAHAOLANA AMIN'NY LAFINY FAMPIHARANA NY FAMPIHATIANA

## 14



Fananganana sy fampiharana ny Dina izay fitsipika iaraha-manaiky sy eken'ny lalàna.

## 15



Fanofanana ireo vehivavy eny ambanivohitra amin'ny asa fampiasana rofia miaraka amin'ny fiara-miasa amin'ny sehatra tsy miankina

## 16



Fametrahana zaridaina agroekolojika mampifandimby ireo voly atao, mampiasa komposta sy zezika voajanahary ary ny tokantrano amin'ny fihinanana tompon'andraikitra mifantoka amin'ny vokatra eo an-toerana, ara-potoana ary maharitra.

## 17



Fanaraha-maso ny fahasalaman'ny zavamaniry sy biby fiompy ary fanentanana ny olona amin'ny loza mety hitranga amin'ny toerana mila arenina.

## 18



Fampandraisana anjara ny fiarahamonina eo an-toerana amin'ny fandrindrana sy fanatanterahana ny paikady momba ny karazanjavamananaina amin'ny alalan'ny fanangonana sy fiantohana loharanom-bola ampy.

## 19



Famatsiam-bola ho an'ny karazanjavamananaina mba hiantohana ny fiarovana ny tontolo voajanahary, hanohanana ny mponina eny ifotony ary hiantohana ny ho avy maharitra ho an'ny taranaka mifandimby.

## 20



Fanamafisana ny fahaiza-manao, ny teknolojia, ary fampiroboroboana ny fiaraha-miasa ara-tsiansa mba hanomezana lanja ny fahalalana ilaina amin'ny fiarovana ny karazanjavamananaina.

## 21



Fiantohana ny fahazoana malalaka ireo angon-drakitra sy fitantanana iarahana amin'ny mpisehatra rehetra

## 22



Fampiroboroboana ny fandraisana anjara mivantana sy feno ho an'ny mponina eny ifotony amin'ny dingana fanapahan-kevitra,ary miantoka ny fahafahan'izy ireo mitoroka amin'ny fitsarana.

## 23



Fiantonana ny miralenta amin'ny fitantanana ny karazanjavamananaina.



# 9.FEHIN-KEVITRA



Ny karazanjavamananaina eto Madagasikara, izay manankarena sy tsy manam-paharoa, dia harena voajanahary sarobidy ilaina amin'ny fiainan'olombelona, ny fiantohana ny sakafony, ny fahasalamany, ary indrindra ny fiveloman'ny mponina eny ifotony. Fototry ny kolontsaina sy ny fomba nentim-paharazana manan-danja eo amin'ny mponina eny ifotony ny fifandraisany amin'ny karazanjavamananaina.

Na izany aza anefa, tandindomin-doza mafy amin'izao fotoana izao ity harena ity, noho ny fanapotehana ala, ny fandotoana ary ny fiovan'ny toetr'andro. Manoloana izany fanamby izany, dia ilaina sy tsy maintsy atao ny asa iraisana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, nasionaly ary eny ifotony.

Ny fifanarahana iraisam-pirenena toy ny Fifanarahana iraisam-pirenena momba ny karazanjavamananaina sy ny Rafitra manerantany ho an'ny karazanjavamananaina dia mametraka tanjona goavana ho tratrarina alohan'ny taona 2030.



Eto Madagasikara, ireo fanamby ireo dia aseho amin'ny alalan'ny fanavaozana ny Fifanarahana iraisampirenena momba ny karazanjavamananaina izay manasongadina ny anjara andraikitra lehibe ananan'ny mponina eny ifotony.

Mba hahombiazan'ireo ezaka ireo, dia zava-dehibe ny fanamafisana ny asa ataon'ny mponina eny ifotony momba ny lanjan'ny karazanjavamananaina ary koa ny fampahafantarana ireo rafitra iraisam-pirenena momba ny asa tanterahina. Tokony hatsaraina ihany koa ny fanomezana lanja ny fahalalana nentim-paharazana anatin'ny paikady fiarovana, ary entanina ny fandraisana anjara feno sy mitovy zo ho an'ny vehivavy, tanora ary vondrona marefo amin'ny dingana fanapahan-kevitra.

Ankoatra izany, ny fizohiana sy fanaraha-maso iarahan'ny rehetra dia hanamora kokoa ny fanitsiana sy fanatsarana ireo asa tanterahina. Ny fahafahana misitraka ny famatsiam-bola sy fitaovana ihany koa dia tena ilaina hanohanana ireo tetikasa fiarovana sy fanarenana eny ifotony, miaraka amin'ny fizarana ara-drariny ny tombontsoa azo avy amin'ny fampiasana maharitra ny harena voajanahary.

Ity antotataratasy ity dia fitaovana entina hananan'ny rehetra fahalalana sy handray andraikitra amin'ny fiarovana ity lova voajanahary sarobidy ity ary mba ho anjara biriky lehibe ho amin'ny fanatrarana tanjona iraisana ho an'ny fikajiana ny karazanjavamananaina eto Madagasikara.



# 10. VOAMBOLANA

# Mifandray amin'ny Tarigetra 3

**Faritra tantanina :**

Tany na faritra voafaritra mazava ara-jeografia, ekena, natokana, ary tantanana amin'ny alalan'ny lalàna na fomba hafa mahomby, ho fiarovana maharitra ny tontolo voajanahary.

**Fepetra fiarovana ara-paritra (AMECZ) :**

Faritra voakajy hafa ivelan'ny faritra arovana ka ahafahana miaro ny karazanjavamananaina ao aminy amin'ny fomba mahomby sy maharitra.

# Mifandray amin'ny Tarigetra 8

**Fanalefahana (Atténuation):**

Fepetra entina manamaivana ny fiantraikan'ny fiovan'ny toetr'andro amin'ny alalan'ny fanalefahana ny entona karbonina sy fanatsarana ny fandraisan'ny zavaboary izany entona izany (puits de carbone).

**Fiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro (Adaptation):**

Fepetra raisina mety ho ara-tontolo iainana, ara-tsosialy, na ara-toekarena hiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro sy ny vokany.

# Mifandray amin'ny Tarigetra 8

**VAHAOLANA MIORINA AMIN'NY NATIORA (Solutions fondées sur la nature) :**

Hetsika fiarovana tahaky ny fitantanana maharitra na fanarenana ny tontolo voajanahary entina hamahana olana toa ny fiovan'ny toetr'andro, ny filàna ara-tsakafo sy rano, ary ny fampihenana ny loza voajanahary, amin'ny fomba mahomby sy ahazoana tombontsoa ho an'ny olona sy ny karazanjavamananaina.

**FOMBA FIASA ARA-ROHY VOARY(Approches écosystéma-tiques):**

Fanavaozana sy fanatsarana ny rohy voajanahary (écosystèmes) sy ny tolotra ara-tontolo iainana omeny ho fiarovana amin'ny voka-drat-sin'ny fiovan'ny toetr'andro.

# Mifandray amin'ny Tarigetra 16

**FANJIFANA VOALANJA SY MAHARITRA (Choix de consommation durable):** Fandanjalanjana sy fisafidianana izay vokatra tsara tsy manimba ny tontolo iainana. Misy fihetsika sivy azo arahina: **Fandàvana (Refuser)**: Tsy manaiky hampiasa entana na vokatra tsy ilaina na manimba ny tontolo iainana. **Fieritreretana (Repenser):** Mandinika lalina mialoha ny hividianana na hampiasana vokatra iray. **Fanamaivana (Réduire):** Manamaivana ny fako sy ny fanjifana amin'ny alalan'ny fanjifana voahevitra na fitandremana amin'ny loharano nahazoana ilay vokatra. **Famerenana mampiasa (Réutiliser)**: Mampiasa indray ilay akora fa tsy manary azy avy hatrany rehefa avy nampiasaina indray mandeha. **Fanamboarana (Réparer)**: Manamboatra zavatra simba mba hahafahana mampiasa azy indray fa tsy manary. **Fanavaozana (Reconditionner):** Manavao na manavao endrika zavatra efa niasa, toy ny fitaovana na kojakoja elektronika. **Fanamboarana indray (Remanufacter):** Fanamboarana tanteraka sy famerenana amin'ny endriny vaovao amin'ny vokatra efa niasa. **Fampiasana fanindroany (Réemployer):** Mampiasa zavatra efa nampiasaina tany amin'ny sehatra iray ho an'ny asa vaovao. **Famerenana manodina (Recycler)**: Manodina indray ny akora avy amin'ny fako mba hahazoana vokatra vaovao. **Fanangonana (Récupérer):** Maka na manangona akora na ampahany amin'ny zavatra efa niasa mba hampiasaina amin'ny zavatra hafa.

**FAMPIHENANA NY FANJIFANA MANERAN-TANY :**

Fampihenana ny fanjifana isaky ny olona ny sakafo, ny rano, ny fitaterana, ny trano fonenana, ny fako, sns. Izany dia andraikitra iombonana tokony ho raisiny ny tsirairay.

# Mifandray amin'ny Tarigetra 21 sy 22

**FANJIFANA TAFAHOATRA:**

Fanjifana mihoatra noho ny akora ananana ka hanatratra ny fetran'ny harena ananan'ny planeta. Ny "Terre Mère" ihany koa dia manondro ny fifamatorana sy fifanajana eo amin'ny olombelona sy ny natiora.

**FITANTANANA MIRINDRA SY ARA-DRARINY:**

Fampiharana marina sy tsy mitanila ny lalàna, miaraka amin'ny fanajana ny zo ahazo vaovao mitovy ary ny fitoviana manolona ny fahazoana tombontsoa ho an'ny mpiara-miombon'antoka rehetra.

**FITANTANANA IARAHANA NY KARAZANJAVAMANANAINA :**

Fandraisana anjara mavitrika sy tsy ankanavaka ataon'ireo rehetra voakasika amin'ny paikady fiarovana ny karazanjavamananaina.

# Mifandray amin'ny Tarigetra 23

**FAHALALANA NENTIN-DRAZANA :**

Fahalalana sy fomba amam-panao nentin-drazana toy ny lova ara-kolontsaina.

**MIRALENTA:**

**Fandinihana sy fandraisana andraikitra ara-drariny ny vehivavy sy lehilahy. Tsy ampy ny fanentanana fotsiny fa mila hetsika miavaka amin'ny fiarovana ny karazanjavamananaina.**



# 11. LISITRY NY BOKY SY LAHATSORATRA NAMPIASAINA

- Le cadre mondial sur la biodiversité : Le point de vue de Youth4nature ,17 pages, publication May 2023
- Cadre mondiale sur la biodiversité KM-GBF de la CBD ,15 pages, Décembre 2022